
# 365Tantara 76.Ny herin'ny fampaherezana



# 76. Ny herin'ny fampaherezana

Matt Busby dia mpanazatra ny ekipan'ny Manchester United. Maty tamin'ny lozam-piaramanidina iray ny ankamaroan'ny mpilalaony izay nitranga tao Munich ny febroary 1958, mpilalao valo no indray maty ary ny hafa dia naratra mafy.



Matt dia tsy maty tamin'iny loza iny na dia notononina in-droa ny fara-vavaka ho azy. Nijanona tany amin'ny hopitaly izy nandritra ny roa volana.



Rehefa nivoaka ny hopitaly, dia nankany Suisse izy naka aina. Nisy fotoana sasany, nahatsiaro ho irery izy ka tsy nihevitra ny hiverina amin'ny baolina intsony



raha tsy notenenin'ny vadiny indray andro:
"Fantatrao moa Matt, ny ankizy izao naniry ny hanohizanao"
Izany teny izany dia nanala ny fahakiviany ary niverina tany Manchester izy ary niverina nandray ny toeran'ny mpanazatra tamin'ny 1959.



Namorona ekipa vaovao izy ary folo taona taty aoriana nahazo ny Coupe d'Europe rehefa naharesy ny Benfica. Hery lehibe no ao anatin'ny fampaherezana...! Ao amin'ny adim-piainana sy anatin'ny ady mangotraka mila mampahery ireo manodidina antsika isika mba tsy hihamafy ny fony. Nisy lehilahy iray niteny: "Lanjalanjao tsara ny teny fa manana hery mihoatra ny baomba atomika ireny."

Matetika no ataontsika latsa-danja ny herin'ny fampaherezana avy amin'ny tsiky, teny malefaka, sofina mihaino, fandokafana tena rariny. Na dia eo aza ireo hetahetantsika, mila maka fahazarana mampahery fara-faharatsiny olona iray isan'andro! Ny ohabolana 16:24 milaza: "Toho-tantely ny teny mahafinaritra, Ka sady mamin'ny fanahy no mahatsara ny taolana."